

# Ny famangiana kanonika nataon'i Marie Solange amin'ny kôminôte TIKO (Cameroun) ny 15 amin'ny 28 fevrie 2020

Masera Marie Solange, Mpanolo-tsaina sy solon-tena Jeneraly Reziô Cameroun tonga namangy ny kôminôtenay !

**Ny famangian'ny masera iray dia tso-drano mandrakariva , fotoana ifampizarana sy fahasoavana …. Fa ny famangiana kanônika ny kôminôteizay sahaniny dia famangiana izay angatahan'ny Fiangonanaatao indray mandeha farafaharatsiny mandritra ny fe-potoana iasanyamin'ny maha masera tompon'andraikitra azy ato amin'ny Fikambanana, tsy famangiana tsotra fa fotoana feno velombelona sy fizarana…**

**Talohan'ny nananganan'ny Fiangoanana azy dia efa nisy ny famangiana ao amin'ny taratasy nosoratan'i Md Paoly rehefa namangy ny fiangonan'ny Krisitianina niorina izy.Mankahery, mihaino izay iainany ary mandinika miarka aminy izay fahasarotana na fanamby atrehina, manentana azy ireo hiray hina amin'ireo Fiangonana hafa ho vavolombelon'i Jesoa Kristy Mpamonjy.**



Natomboka tamin'ny vavaka niraisana ny famangian'i masera Marie Solange : 'Sokafy ny vavanay Tompo …' ! Fidirana amin'ny fotoan-dehibe amin'ny Fikambanana ahafahan'ny tsirairay mizara irery amin'i masera Marie Solange : izay iainana andavanandro, ny asam-panirahana, dingam-piainana ara-panahy, ny hafaliana, ny fahasarotana, ny fanontaniana.











Naka fotoana nihaonana tamin'ireo mpiara-miasa aminay ihany koa i masera Marie Solange mba hahalalana bebe kokoa ny zava-misy ary saro-bidy ny torohevitra omeny.





Nitondra fanantenana betsaka sy hafaliana, hery, fampaherezana ho anay ny famangiana ary manampy anay hiaina sy hizara ny fanomezam-pahasoavana eto amin'ny Diosezin'i Buea.



Nifarana tamin'ny fitsangatsanganana nahafinaritra miaraka ny famangiana niaraka tamin'ny sorona masina fisaorana an'Andriamanitra tamin'ny fitantanany nandritra ireo andro ireo sy amin'ny fiainanay andavanandro.

***Ny kôminôten'i TIKO***